Tsy mbola rahampitso no hisy masoandro mihiratra

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Talata 18 mey 2021 Laharana 1162 Vidiny : 400 Ar

Ady Iova 4

« Huissier » voadaroka teo am-panaovana ny asany

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Resaka vaksiny covid-19 2

Tsy hita tabilao ny filoha Rajoelina mivady

Fepetra raisin'ny fitondrana 2

Manao ny mpivavaka any am-piangonana ho zaza

Politika sy toekarena ary fiangonana 2

Nodimandry Radavidson Andriamparany Benjamin

Federasiona Malagasy ny baolina kitra 3

Tafiditry ny olon'ny andian-jiolahy politika

Valanaretina covid-19 8

8 no namoy ny ainy, 63 tranga vaovao, 268 misy fahasarotana

Miss Maman Mada 2021 4

Reny miisa 7 no mifaninana

Daka kely

Atobahy ny vatsy tohana hamenoana ny kibo «vide», rehefa tsisy «kil» ny tambavin'ialahy iadiana ny covid, ry Boaikely a !

RESAKA VAKSINY COVID-19

Tsy hita tabilao ny filoha Rajoelina mivady

Mahavantana an'Ingahy Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina ny manao talaky maso amin'ny trangan-javatra rehetra, tato ho ato anefa taorian'ilay fandaharana niarahany tamin'ireo minisitra efatra sy mpanao gazety telo dia toa tsy tazana amin'ny fotoana sy toerana iandrasana azy ity tompon'andraikitra voalohany eto amin'ny firenena ity.

Nanomboka tamin'ny fitsenana ny andiam-baksiny tonga voalohany izany, sy ny fisantarana ny fanaovam-baksiny dia tsikaritra fa toa miala ilany hatrany izy, ny fanazavana avy amin'ny Praiminisitra mikasika ny tsy fahatongavan'Ingahy Filoha amin'ny tokony ho nilana azy dia azo lazaina ho valinteny peta-toko ihany.

Tsy omen-tsiny Ingahy Praminisitra Ntsay Christian raha tsy nitsotra hoe tsy tonga Ingahy Filoha fa mbola nanongotra foto-mangahazo tany atsimo, Ingahy Praiminisitra rahateo tsy atao mahataitra fa tsy maintsy manatsara endrika ny Filoha, satria tsy fantatra izay havoakan'ny ampitso , ny fanapahana mantsy dia any ampelatanan'ity arovana mafy.

Ny fanongotana foto-mangahazo no antony hita tamin'ny sary, fa ny tena marina ankoatr'izany dia matahotra ny vavabe navoakany momba ny tsy filany vaksiny sy ny tsikera mivaivay nataon'izy sy Ramatoa Minisitra miadidy ny serasera , mikasika ny karazam-baksiny « covishield », izay « astrazeneca » ihany no tena antony . Ary mbola izay tahotra izay no nahatonga an'Ingahy Filoha nitsoaka ny fandaharana fanaony isa-tapabolana mikasika ny fanolorana ireo fepetra ilaina amin'ny fiatrehana ny koronaviriosy. Fandaharana tena tsy foiny io ary fotoan-dehibe ho azy , satria ahafahany manao fampielezankevitra, ny azy mantsy mandavantaona ny fitaomana ny vahoaka hifidy azy hatrany . Vao mainka mety amin'Ingahy Praiminisitra izay tsy fahasahiana sehatr'Ingahy Filoha izay , satria nahoana kosa moa no tsy araraotina satria tsy ho isan'andro anie ny fetin'ankizy e !

Rehefa nomena fitenenana tokoa ilay Praminisitra dia atao avy hatrany ny fanamarihana fa izy aloha dia marim-potoana tsy toy ilay mpifehy azy, na izany aza dia hita taratra amin'ny valinteniny ihany fa mpisolo vaika ny akalana izy ary miaro fatratra ny efa sarotra avotana, ka ahiana tsy maintsy hiafara amin'ny fiarahamilentika ihany ny azy roalahy.

Tsikera efa nahazo an'Ingahy Filoha ny tsy firesahana intsony izay fepetra aroson'ny fitondrana hanala ny fahasahiranambahoaka noho ny fikatonan'ny tsena sy ny fifamoivoizana, kanefa dia mitovy amin'izay ihany ny fandaharana niarahana tamin'Ingahy Praiminisitra.

Maro ihany koa ireo mimenomenona hoe tsy tazana mihitsy ny vadin'Ingahy Filoha, Ramatoa Mialy Rajoelina, tamin'ny fahatongavan'ny andiam-baksiny voalohany, kanefa dia izy no reny mpiahy ny fanaovam-baksiny eto amin'ny firenena. Azo an-tsaina ny antony tsy nahatongavan-dRamatoa io , satria ilay famokarana " alcool ethanol" izay nilokalokany fa ho vita tsy mbola hita soritra hatramin'izao , ka tsy aleo ve mba manao sambo milentika elaela aloha, satria ny mpanao gazety ankehitriny anie ka tsy miafiafy mihitsy amin'ny fanontaniana e !

Raha mbola vonona hitondra ny firenena Ingahy Filoha dia tokony hitady vahaolana amin'ireo fahasahiranana mianjady amin'ny vahoaka malagasy , fa tsy hanao fikan-jaza milentika tsy mipoipoitra, kanefa raha izay no vahaolana dia hatramin'ny oviana ny fandosirana ny vavambahoaka sy ny fitsoahana ny fanontanian'ireo mpanao gazety. Ka hoy ireo be vazivazy hoe : ombay mitady ny filoha Rajoelina mivady, satria tsy hita tabilao izy ireo mahakasika ny resaka vaksiny.

Ny Valosoa

Politika sy toekarena ary fiangonana

Nodimandry Radavidson Andriamparany Benjamin

Nodimandry ny alahady alina hifoha omaly alatsinainy, ny ministra teo aloha Radavidson Andriamparany Benjamin, fantatra teo amin'ny sehatry ny politika, ny toekarena sy ny fitantanam-bola ary teo amin'ny sehatry ny fiangonana fahavelony.

"Apokalypsy 14 : 13. Ary nahare feo avy tany an-danitra aho nanao hoe: Soraty: Sambatra ny maty, dia izay maty ao amin'ny Tompo hatramin'izao. Eny, hoy ny Fanahy, fa hitsahatra amin' izay nisasarany izy; fa ny asany manaraka azy", hoy ny avy amin'ny Birao, ny Tonia, ny Komity Foibe, ny mpandraharaha sy ireo rantsamangaika rehetra eo anivon'ny Sampana Fivondronana Laika ny fiangonana FJKM, ny VPL , ny VFL. Misaotra ny Tompo izy ireo tamin'ny nanomezany ny filohan'ny SFL, Benjamin Radavidson Andriamparany niara-nanatanteraka ny anjara fanompoana teo anivon'ny SFL. Mampahery antsika

Radavidson Andriamparany Benjamin, mpanao politika, mpahay toekarena, olom-piangonana ihany koa.

rehetra amin'izao fisarahana antany izao, hoy ny fanambarana. Jesoa Kristy Tompon'ny fampiononana hampiononа sy hampahery antsika.

Izy dia efa minisitry ny fitantanam-bola, minisitry ny fanabeazam-pirenena ary solombavambahoaka tao amin'ny Boriboritany faha-4 nandritra ny fitondrana Marc Ravalomanana. Voasokajy ho anisan'ireo manampahaizana ara-toekarena nanana ny maha izy azy izy ary anisan'ny olom-bitsy to-teny teo amin'ny resaka fifampiraharahana tamin'ny mpamatsy vola iraisam-pirenena. Efa kandida filoham-pirenena izy, nirotsaka ho kandidà tamin'ny fikambanana politika izay najorony dia ny FFF. Teo amin'ny sahan'ny fiangonana: nitana andraikitra teo anivon'ny Sampana Fivondronana Laika Fjkm, filohan'ny SFL izy. Efa ho andro maromaro izy no re fa efa narary nialohan'izao fahalasanany izao.

Noho izay fahalasanany izay, nitondra teny fampaherezana ho an'ny fianakaviany ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko TIM, sady filohan'ny RMDM: "tamin'ny fahatairana lehibe tokoa no nandrenesana fa nodimandry i Andriamparany Radavidson Benjamin, minisitry ny vola, minisitry ny fanabeazam-pirenena ary solombavambahoaka teo aloha. Tena niara-niasa akaiky tokoa ary voasokajy ho anisan'ireo manampahaizana ara-toekarena nanana ny maha izy azy. Amin'ny anaran'ny tenako sy ny ankohonako ary ny mpiara-miasa rehetra teo aloha dia maneho indrindra ny fiarahamiory sy mitondra ny teny fampiononana ho an'ny vady amanjanany ary mankahery ny fianakaviany manontolo. Hoy ny Tenin'ny Soratra Masina: "Ary Jesoa Kristy Tompontsika sy Andriamanitra Raintsika, Izy efa tia antsika ka nanome antsika fampiononana mandrakizay sy fanantenana tsara amin'ny fahasoavana, no hampionona ny fonareo anie sy hampahery anareo."2 Tesaloniana 2:16-17. Toky sy fampanantenana ho antsika izany.

Homba antsika mandrakariva ny Tompo », hoy ny teny fampiononana sy fampaherezana nataon'i Dada.

Ankoatra izany, ny gazety Ny Valosoa Vaovao ihany koa dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany.

Stefa

Fepetra raisin'ny fitondrana

Manao ny mpivavaka any am-piangonana ho zaza

Mampieritreritra lalina ny fepetra raisin'ny fitondrana, momba ny fiangonana ao anatin'izao fiatrehana amin'ny valanaretina covid-19 andiany faharoa izao. Raha nilaza indrindra ny amin'ny fanapahan-kevitra noraisin'ny mpiandraikitra foibe ao aminy ny filohan'ny Fjkm, dia tsy niandry fotoana ela nihazakazaka namaly avy hatrany tsy niahotra ny governoran'Analamanga sy ny prefet an'Antananarivo, ka nanohitra ny fanambaran'izy ireo. Nisy mihitsy aza ny karazana endrika fampiantsoana ny tomponanadraikitry ny fiangonana, izay anisan'ny raiamandreny lehibe am-panahy eto amin'ny firenena. Mazava anefa ny nambaran'ny fiangonana, fa misokatra ny trano fiangonana isan'andro ho an'ireo rehetra mila fampaherezana.

Raha mpitondra feno fahendrena dia nandinika lalina sy nitady ny fomba tokony hahafahana manatanteraka izany, satria tena mila izany ny vahoaka izay reraka ao anatin'izao ady atrehiny andro aman'alina izao eo amin'ny fiainany. Tsy mivaky loha amin'izay manjo ny vahoaka izay ny tomponandraiki-panjakana, raha ny fahitana sy fahenoina ny nambarany tamin'ny faran'ny herinandro iny. Nolazaina mihitsy aza, fa tsy mahatandrina fihetsika ny mpivavaka any am-piangonana. F'angaha izy ireo zazakely, ka tsy hahafehy ny fihetsika tokony hajaina? Dia ho ambakan'ny zaza mpianatra hanàla fanadinam-panjakana Cepe sy Bepc izay nanokafana ny trano fianarana ve ireto mpivavaka? Iaraha-mahalala tsara ny isan'ireo mpianatra ireo isan-kilasy raisina amin'izao fotoana izao, sy ny fitoerany ao am-pianarana. Dia ho tsy hahavita fitandremam-pihetsika lavitra noho ireo ve ny any am-piangonana? Nisy aza sekoly ianaran'ireo mpianatra ireo amin'izao fotoana izao, re fa misy fotoana mifalihavanja milalao eran'ny tokotanin-tsekoly ireo ankizy ireo. Tsy ho hita velively any am-piangonana izany? Ary misy aza, ankoatra ireo, nambara momba ny any amin'ny orinasa izay mampiasa mihoatra hatrany amin'ny 500, sy ny famorian'olona tsy mihoatra ny zato. Navela izany ho an'ireny, fa ny any am-piangonana voarara ary hentitra ny fitondrana amin'ny fanakatonana ny fiangonana amin'ireo faritra sy distrika navahany. Misy koa aza toerana mbola ifanosonambahoaka sy ivangongon'olona, indrindra any amin'ireo iangarana izarana fanampiana, na hisy ihany koa mpitondra ambony ho tonga any hanao zavatra. Ny any anaty taxibe koa aza mbola mahalasa saina, satria eo ny fifampikasohana eo amin'ny samy mpandeha isan'andro, izay misy maharitra adiny roa ora na hatrany amin'ny ora telo mihitsy rehefa mihitsoka amin'ny fitohanana, kanefa tsy hita izay fepetra raisina amin'izany.

Ilay fisokafan'ny trano fiangonana mihitsy ve no olan'ny fitondrana, sa ireo mpivavaka ao aminy? Raha dinihina lalina ny amin'ny fepetra momba ny fiangonana dia tsy mitombina mazava, hoy ny mpandinika maro.

Sôh'son

Ny Valosoa sy fakafaka

Fitondrana Rajoelina

Tsy hita izay havaliny ny hetahetam-bahoaka

Tena mahatsapa marina ny filana fototra sy izay tena mahasoa marina ny vahoaka malagasy ve ity fitondrana Rajoelina ity ? Fanontaniana mila voizina mafy izany ankehitriny noho ny fahitana ny fomba fiasa sy fitantanana eto amin'ity firenena ity. Hatrany amin'ny fotoanan'ny fampielazan-kevitra, sy rehefa nandray ny fitondrana dia niseho hahavaha ny olan'ny vahoaka malagasy i Andry Rajoelina. Dia niandry ny vahoaka indrindra fa ireo nifidy azy. Roa taona sy tapany izao no lasa, tsy hita anefa izay valin'ny hetahetam-bahoaka. Ny vahoaka resahina eto, tsy ilay ampahany kely niangarany nomena "tapi-maso" tamin'ny alalan'ny tolotolotra kely tsy mahavita taona, fa ilay vahoaka manontolo mihitsy, satria izay no nianianany teny Mahamasina ny janoary 2019.

Rehefa mahita ny fihetsiky ny fitondrana tao anatin'izay fotoana izay, dia tsikaritra matetika ny lesoka. Niseho hahavita ny vahoaka, tamin'ny fiatrehana ny ady amin'ny valanaretina tamin'ny fitsinjovana ara-tsosialy, nefa niaraha-nahita ny zavanisy, na tamin'ny taon-dasa, na miatrika izao andiany faharoa amin'ny valanaretina izao. Ny iray lehibe tena mandreraka ny olom-pirenena dia ny fahitana miharihary ny tsy fahaiza-mandamin'ny fitondrana amin'ny asa setrin'ny fepetra raisiny. Nisy fiantraikany ratsy tamin'ny fiainan'ny olom-pirenena maro sy ny vahoaka amin'ny ampahany be izany. Tsy nisy anefa na kely aza ny fialan-tsiny mba natao tamin'izany, fa odiana fanina fotsiny izao, ary ny mahasorena ny maro aza dia ny filazana fa tena niasa ilay fitondrana ary tena mitsinjo ny vahoaka tokoa.

Tsy nisy izay tsy nahita teto fa miady irery ilay vahoaka maro an'isa, niatrika ny fiainany ary nanao izay hahavelomany fotsiny sisa isan'andro eo ampiatrehana ny valanaretina. Tsy nisy na kely aza fankaherezana avy amin'ny fitondrana natao azy ireo amin'izany. Ny nahatohina ny maro aza dia ny fahitana ny fihetsika nataon'ny fitondrana, tamin'ny fanakatonana orinasa tamin'ny famaizana ireo tamin'ny lazainy ho resaka hetra, ary dia tsy namakiany loha na kely aza izay mpiasa very asa tao anatin'ireny mandraka ankehitriny. Manginy fotsiny ireo very fivelomana sy fihariana marobe mpisehatra manodidina miara-miasa amin'ilay orinasa izay mamelona olona sy fianakaviana an'aliny maro. Ary misy koa sokajin'olona, mpiasa na mpandraharaha anjorom-bala tanteraka tsy voatsinjo mihitsy amambolana maro. Tsy miasa saina amin'ireo ny fitondrana fa izay manjo azy any manjo azy.

Mila ampaherezina mafy ireny olona ireny. Tsy ny marary eny amin'ireo toeram-pitsaboana ihany no mila izany, fa indrindra ireo sokajin'olona lasibatra amin'ny tsy fahaiza-mitantana firenena izao. Fomba iray lehibe amin'izany ny fampaherezana ny finoany, ary manana adidy lehibe amin'izany ny mpitondra fivavahana. Mazava loatra fa any am-piangonana no tena ilaina hanaovana izany, fa tsy amin'ny haino aman-jery any an-tokantrano. Misy aza tsy manana fitaovana amin'izany akory. Ary izay ilay tsy fantatr'ity fitondrana ity mihitsy amin'ny vahoaka entiny. Ilain'ny vahoaka Malagasy ny fampaherezana azy amin'ny lafiny ara-panahy, fa ny tena Malagasy olon'ny fo sy fanahy, ary anisan'ny iray lehibe hahasoa azy izany. Tsy manana fahaiza-mandamina feno fahendrena lalina ny amin'izany anefa izao fitondrana Rajoelina izao, raha ny heno nambaran'ireo olony ho setrin'ny fepetra noraisin'ny mpitondra fivavahana, mba ho enti-manampy ireo olona mangetaheta izany.

Sôh'son

Ny Valosoa sy hadihady

Fiainan-dRamalagasy

Tsy mbola rahampitso no hisy masoandro mihiratra

Tonga eo amin'ny kihon-dàlana tsy maintsy andraisana andraikitra hihatrehana ny toe-javatra, sy toe-draharaha iainany ny vahoaka malagasy amin'izao fotoana izao. Ny vahoaka Malagasy, na dia ny ampaha efatry ny nanana zo nifidy aza, no nametraka izao fitondrana izao. Maro ny fampanantenana nanaovan 'ny filohan'ny Repoblika « velirano » toa tsy niainga tamin'ilay IEM akory satria na io « vina » io aza dia efa niova anarana in-droa na in-telo (PEM, Plan Marshall, PGE). Angamba mety ho nampiova ny programa ny nidiran'ny covid-19 kanefa na niniana natao na fitavozavoazana tokoa no naha tara ny fandraisana andraikitra teo amin'ny fanakatonana ny sisin-tany. Toe-javatra efa tsy maintsy iainana ny valanaretina kanefa kosa, raha ny vola na nomena na nampisamborin'ny mpiara-miombon'antoka dia efa nanakaiky ny miliara dolara dia azo antoka fa nahafahana nanampy ara-tsosialy na nanomezana tohana ara-bola ireo orinasa sahirana noho ny fihibohana. Niarahana nahalala anefa fa amina miliara ariary maro no nahodina tamin-javatra tsy nisy nifandraisany tamin'ny fiatrehana ny valanaretina akory. Nametraka ny fepetra ara-pahasalamana mandritra ny dimy ambinifolo andro indray ny mpitondra tamin'ny alàlan'ny Praiminisitra. Tsy hasiana resaka lava ny momba izany, fa ny azo lazaina dia tsy nisy vahaolana mifanandrify amin'izany naroso hanamaivanana ny toe-javatra mavaivay iainan'ny 90% : sivifolo isanjaton'ny vahoaka Malagasy. Ankoatry ny fahantrana izay zary lasa fiainana andavanandron'ny mponina manerana ity Nosy malaza manankarena ity dia eo ny fibodoana tany izay tsy ny vahiny ihany no manao izany, fa ny gasy manam-pahefana na ny mpitondra mihitsy koa aza. Malaza tato anatin'ny herinandro vitsy ny ady tany ifanandrinan'ny orinasa Telma, izay karana no ao an-damosiny, sy ny mpandova izany tany 30 ha izany eny Antanandrano. Ny tena mampimenomenona ny mpandova dia ny fahatsapany fa misy resaka kolikoly ao amin'ny fitsarana ao, ka tsy manan-kianteherana intsony izany ny vahoaka na eo anivon'ny fitsarana na eo amin'ny mpitandro ny filaminana. Tsy eken'ny mponina eny Imerintsiatosika ny hanorenana ilay tetikasa fanorenana tanàna vaovao, Tàna Masoandro, satria totorana hatramin'ny tanimbary, ka tsy misy maha samy hafa izany tamin'ny teny Ambohitrimanjaka. Tsiahivina fa efa nisy tetikasa « Tanàna Vaovao » (Nouvelles Villes) ihany koa tao amin'ny MAP (Madagasikara Am-Perinasa), fa ny mahasamy hafa ireo tetikasa ireo dia ny an'ny Filoha Ravalomanana Marc, dia teo anivon'ny kaominina maromaro (intercommunal) no nijery ny toerana saika nanatanterahana izany, fa tsy didy kofehy lehibe sahala amin'ny misy ankehitriny, tsy misy fifampiresahana sy fifandresen-dahatra teo amin'ny mponina. Tsy azo eken'ny sain'ny kristiana ihany koa ny fanakatonana ny Fiangonana sy ny Mosquée mandritra ny faran'ny herinandro. Famonoana ny aim-panahin'ny mpino izany satria tsy betsaka olona mifamezivezy toy ny andavanandro ny sabotsy sy alahady, ka mihevitra ny maro fa programan'izao fitondrana izao mihitsy ny famotehana ny fiainana ara-panahin'ny vahoaka Malagasy. Etsy ankilany koa dia sahirana ireo mpivarotra, indrindra ireo eny amoron-dàlana, izay very asa ny ankamaroany, ka io sehatra io ihany no hany fomba entiny mamelona ny tenany sy ny fianakaviany kanefa dia enjehina sy akorontan'ny polisy monisipaly isan'andro. Tsy mbola misy ozinina, entina manodina akora fototra sy hanomezana asa ny tanora, mitsangana hatramin'izao, fa fotodrafitrasa tsy hahafahana mamerina ny vola nentina nanorina azy akory no naorina etsy sy eroa. Na ankalazaina etsy sy eroa aza ny fanorenana lakan-drano sy tohadrano hampiroborobo-boana ny fambolena dia tsy mbola hita izay nitsangana hatramin'izao, satria ny vitan'ny fitondrana teo aloha no isisihana sy tadiavina omena vahiny ho trandrahana. Raha izao toe-javatra sy toe-draharaha iainan'ny vahoaka Malagasy izao no mbola mitohy dia tsy misy azo antenaina hivoahana amin'izao lavaka mangitsokitsoka izao avy amin'ny fitondrana mijoro ankehitriny.

Andry Tsiavalona

Fanavaozana ny lisi-pifidianana

46,23% ny vehivavy ; 53,77% ny lehilahy

Nahatontosa ny asa fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana taona 2020-2021, ny vaomierampirenena mahaleotena misahana ny fifidianana : CENI, izay faranana tanteraka ny 15 mey araka ny didy aman-dalàna manankery mifehy ny fifidianana. Ny 1 desambra 2020 hatramin'ny 15 febroary 2021, 405 284 ireo olompirenena feno 18 taona no ho mihoatra, nisoratra anarana ho isan'ireo mpifidy vaovao. Taorian'ny fe-potoana fanamarinana ny lisi-pifidianana izay naharitra 20 andro, taorian'ny nahatongavan'ny lisitra teny anivon'ny fokontany manerana ny nosy, sy ny fanesorana ireo anarana miverina in-droa na mihoatra ; dia mitotaly 10512419 ireo mpifidy voarakitra ao anaty takelaka fanisana ny mpifidy amin'izao fotoana izao. Izany dia nahitana fiakarana 1,26% raha mitaha amin'ny antontanisa tamin'ny taon-dasa. 4859649 amin'ireo mpifidy voasoratra no vehivavy, izany hoe 46,23% ; raha toa ka 5652770 no lehilahy, izany hoe 53,77%. Na eo aza ny zava-misy sedrain'ny firenena noho ny valanaretina COVID-19, tsy nataon'ny CENI ho sakana izany hanatanterahana ireo asa fanaony manodidina ity fanavaozana isan-taona ny lisipifidianana ity. Tsy niato ny fanentanana ifotony sy ny fivoriana niarahana tamin'ireo mpisehatra amin'ny fifidianana (sehatra ifampidinihana). Nohamafisina bebe kokoa ny fanentanana tamin'ny alalan'ny haino amanjery sy ny tambazotran-tserasera. Nifandraika tamin'izany dia nisy ny fanentanana mikasika ny fisoratana anarana, sy ny fanamarinana ny fisoratana anarana nalefa tamin'ny onjampeo sy fahitalavi-pirenena. Ankoatra izany dia nisy hatrany ny fiarahamiasa tamin'ireo fiarahamonim-pirenena, tao anatin'ireo fanentanana sy fanabeazana ny olompirenena hisoratra sy hanamarina ny anarany anaty lisi-pifidianana. Nomena tantsoroka manokana ireo rantsamangaikan'ny CENI eny anivon'ny distrika amin'ny fitantanana ny lisipifidianana. Ary farany, ireo fanentanana nalefa tamin'ny tambazotran-tserasera, mba hiantraika mivantana amin'ny olompirenena mampiasa azy ireny, indrindra ny tanora. Na maro aza ny ezaka ataon'ny CENI amin'ny fanatsarana ny kalitaon'ny lisi-pifidianana dia hamafisina hatrany, fa ny fananana lisi-pifidianana marina sy azo antoka dia ilàna ny fifanomezantanan'ny rehetra : manomboka hatrany amin'ny olompirenena tsirairay, ireo ambaratongan-drafitra ara-panjakana samihafa misehatra amin'ny fifidianana, ireo fikambanana sy vondrona isankarazany tsy miankina amin'ny fanjakana, ny haino amanjery, ary ny CENI sy ny rantsamangaikany rehetra ifotony. Mila miara-mientana ny rehetra amin'ny fandraisana ny andraikitra tandrify azy handavorariana ny lisi-pifidianana, izay anisan'ny manamafy ny fampanjakana ny demokrasia eto Madagasikara. Tsy mitarain-tana-miempaka ny CENI manoloana ny fanakianana samihafa, ireny rehetra ireny dia entiny hanatsarana ny fomba fiasany amin'ny fampanjariana sy fanatsarana kalitao ny lisipifidianana.

Ny irariana amin'ity resaka lisi-pifidianana ity dia tsy hisy intsony ny miverin-droa na doublon, satria nisy izany tamin'ireo fifidianana natao teo aloha ary nampitaraina ny maro amin'ny tsy fahamarinan'ny fifidianana izay natao !

Isambilo

Federasiona Malagasy ny baolina kitra

Ahiana ho tafiditry ny olon'ny andian-jiolahy politika

Raha nantenaina hizotra amin'ny lalana tokony ho izy, andrasan'ny mpitia baolina kitra azy ny fandaminana nitranga teo anivon'ny fitantanana ny baolina kitra Malagasy amin'ny tranga ny ekipam-pirenena, dia tsy izany loatra no hita sy re tato ho ato. Ny nitrangan'ny raharaha nafampana teo anivon'izany fitantanana izany dia taorian'ny nanesorana ny mpanazatra frantsay Nicolas Dupuis. Rehefa nisy ny fanapahan-kevitra noraisina noho ny antony maro samihafa tsy mifanaraka amin'ny nifanarahana, sy ny fanoloana azy an'ilay mpanazatra teratany Malagasy ary ny adihevitra be tetsy sy teroa tao anatin'izany, vao nipoitra ny endrika miafina tao ambadika tsy fantabahoaka loatra. Anisan'ny iray manahiran-tsaina ny maro, ankoatra izay antony hafa, ny amin'ny karama be tamin'ny fampiasana azy. Eo ihany koa anefa indrindra indrindra ny fahitana taratra, fa misy ny fampidiran-kevitra maloto ny amin'ny fampidirana resaka politika amin'ny seha-pitantanana ambony, ataon'ireo mpanao politika miara-dia amin'ny fitondrana ao amin'ity FMF, na ny Federasiona Malagasin'ny baolina kitra ity, ataon'ny filohan'ny ligin'Analamanga, izay ben'ny tanàna miara-dia amin'ny fitondrana, sy ny filoha lefitry ny FMF, depiote miara-dia amin'ny mpitondra ankehitriny koa, sy ireo namany vitsivitsy ao anivon' ny FMF. Ireo olona maromaro amina antoko politika eto amin'ny firenena ireo no miezaka miditra lalina, sy mikaro-kevitra hanohintohinana ny fanapahan-kevitra nitranga. Mazava loatra fa tsy mitondra ho amin'ny fanatsarana sy fihatsaran'ny baolina kitra Malagasy velively izany.

Ny foiben-toeran'ny FMF etsy Isoraka.

Ny ady ambony latabatra tsy hahatsara, fa hampisy fiantraikany ratsy eny ankianja raha hevitra maloto no ketrehina, ary fankahalana olona fotsiny izao. Toe-javatra efa nisy teto amin'ny firenena sy teo amin'ity sehatry ny baolina kitra ity izany ary tsy nampisy fivoarana lavitra azy mihitsy nandritry ny taona maro. Noho ny fikaonan-dohan'olom-bitsy afaka manapaka any ambadika any no anton' izany. Ny vahoaka mpitia amin'io zara raha mahafanta-javatra ary na misy mahafantatra ny marina izay miteraka ny fositra aza dia tsy mahavita n'inona n'inona. Ny tena mpitia baolina kitra na io tsy niangaly azy, fa mpitazana na indrindra io tena efa niditra an-tsehatra teny an-kianja dia tena tsy mankasitraka tanteraka ny fampifangaroana ny baolina kitra amin'ny politika. Ratsy hatrany no vokatr'izany amin'ny farany. Ireo olona miketrika zavatra hafahafa ireo anefa tsy hitan'ny vahoaka ho nahatafita lavitra sy nampivoatra tanteraka ity sehatry ny baolina kitra ity nandritry ny taona maro izay. Anisan'ny antony iray lehibe nahatorovana ny vahoaka sy ireo mpanaraka na mpitia baolina kitra io.

Fa efa miresaka ny baolina kitra Malagasy ihany isika, fantatra izao fa namoaka ny anaran'ireo Staff, na mpiara-miasa aminy, hanazatra ny Barea an'i Madagasikara i Eric Rabesandratana omaly. Coach adjoint : Fabiano José Costa (Portugais, ancien coach Juventus sy Lazio Jeune). Préparateur physique : Jose Dos Santos (titulaire de Diplôme en préparation athlétique), Coach gardien de but : Frederic Roux (ancien gardien Lyon, Bordeaux,...).

Sôh'son

TONONKALO

Mitandrema ry vahiny !

Tsy azo ekena ny hisian`ireo vahiny mpanambaka,
N`inona n`inona fiaviany , n`inona n`inona firehany.
Lavinay ny bory satroka izay miseho manjakazaka,
Ka mangorona harena n`aiza toerana alehany.

Tsy azo ekena ny hisian`ireo vahiny sain-devoly,
Ka manamby ny mpitondra sy ny manam-pahefana.
Lavinay ny risoriso sy fanaovan-kolikoly,
`Zary toa mahazo vahana amin`ny seha-pitsarana!

Sanatria tsy fanenjehana na koa hoe fankahalana
Ireo vahiny monina eto no anton`ito filazana,
F`efa tena mahatezitra raha ny ataon`ireo karana
Izay mihevitra mihitsy f`efa azy ny tanàna !

Ny vahiny , n`aiza n`aiza, dia hijanona ho vahiny.
(Sanatria tsy fanilihana iretsy gasy an-taratasy!)
Tena tiana hamafisina eto indray ankehitriny
Fa i Madagasikara dia ho an`ny Malagasy !

Koa dia efa mampitandrina ireo vahiny ratsy fiaina,
Sahy miteny , manambara fa voavidiny ito nosy.
Ny vahiny toy ireny dia vahiny tsy ilaina,
Mila roahina mihitsy fa miseho manosihosy !

…Fa vahiny mpankatò sy tan-dalàna no ekena.
Mifanaja , miara-monina amin`ny gasy teratany.
Ianao mpitondra ihany koa dia mila mba mandini-tena,
Tsy ho voavidy na voafatotra any ambadimbadika any !

DADAN`i RIANA (14-05-21)

ANDRIANDRAINARIVO JOSEPHIN

Mila omen-danja ny fitsaboana nentim-paharazana, ho fanatsarana ny fahasalamam-bahoaka

Tokony hapetraky ny tompon'andraiki-panjakana isan'ambaratongany amin'ny toerana misy azy ny fitsaboana nentim-paharazana, sy ny mpitsabo nentim-paharazana, satria 80% ny Malagasy no mbola miaina amin'izany fitsaboana izany, hoy Andriamatoa Andriandrainarivo Josephin filoha nasionaly ny FMNPM : Fikambanam-pirenen'ny mpitsabo nentim-paharazana eto Madagasikara. Nanohy fanazavana ity filohan'ny FMNPM ity, fa misy faritra sasany izay mandrara ny fitsaboana nentim-paharazana tsy hanao ny asany amin'izao fotoana fiparitahan'ny aretina « Coronavirus » izao, kanefa tokony ho nangonin'ny manam-pahefana sy nomena fiarovana ireo mpitsabo nentim-paharazana eny ifotony ireo ary hofanina sy nomena toro-marika, mba hahafahan'ireto farany mahafantatra ny fisehoan'ny aretina sy mandray an-tanana ny marary ary manentana ny fiarahamonina amin'ny fisorohana ny aretina mandoza. Ankoatra izany, nanazava ity filohan'ny FMNPM ity, fa misy kilema ny fomba fampiasan'ny tompon'andraiki-panjakana mpampihàtra lalàna eo amin'ny fampiharana ny lalàna mifehy ny harentsaim-pirenena, sy ny fitsaboana nentim-paharazana, satria tsy ny heloka nohon'ny asa fitsaboana matetika no anasazian'ny fitsarana ny mpitsabo nentim-paharazana, fa ny fitazonan'ity farany ny fanafody gasy ary miaraka amin'ny fandoavana lamandy izany rehetra izany. Nanamafy Andriamatoa Andriandrainarivo Josephin, fa miseho amin'ny sehatra rehetra ny fanaovana tsinontsinona ny fitsaboana nentim-paharazana sy ny mpitsabo nentim-paharazana, satria ireo Siantifika sy ireo mpitsabo maoderina avokoa no mitana ny andraikitra eo amin'ny rafitry ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka ary tsy resahana intsony ny tsindry ataon'ireo rantsamangaikan'ny OMS amin' ny fampiroboroboana ny « Bussiness medicament », hany ka tsy mahazo sehatra intsony ny fanafody eto an-toerana ary raha misy voka-pikarohana misongadina aza dia tsy maintsy terena hanaraka ny fenitra iraisam-pirenena izany. Tsy vitan'izany, nilaza Andriamatoa Josephin, fa tsy misy fepetra raisin'ny fitondrampanjakana manoloana ny fanjakazakan'ireo olona tsy mpitsabo nentim-paharazana akory, ka mamadika an'ity sehatr'asa ity ho lasa fitadiavambola, hany ka mifanaratsy sy mifanenjika ary mandoto endrika ny tontolon'ny fitsaboana nentim-paharazana. Tsy miraviravy tanana manoloana an'ireo tsindry maro samihafa ireo ny fikambanana FMNPM hoy i Andriamatoa Josephin, fa miezaka miditra amin'ny ara-dalàna, taorian'ny fahazoana ny didim-pankatoavana hitsabo avy amin'ny Ministera nanomboka ny taona 2007 ary efa nanangana ny « Profession Tradipraticien à Madagascar» tamin'ny alalan'ny didim-panajakana 2006-0122 tamin'ny 23 Febroary 2016 ny Fmnpm. Ankoatra izany, tokony hanana tetibolampanjakana hahafahan'ny fikambanana mpitsabo nentim-paharazana manangana « Galérie » misy fitaovana raitra hahafahana mitsirika an'ireo hery miasa sy ny « toxicité » amin'ireo karazanjavamaniry eto Madagasikara ary afaka manome « Certification » ho voka-pikarohana iray, mba hahafahana mitsabo ny olona, hoy ihany izy.

Ny filohan'ny FMNPM.

Franck Razakambelo

Sakafo Ny Valosoa

Henomby sy kabaro lena indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo atao rony izany, azo atao ketsaketsa koa. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Ny soa azo avy amin'ny zava-maniry tsindaory

Ny soa azo avy amin'ny zava-maniry tsindaory indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Fikarakarana azy: makà Tsindaory tahony10 azo ampiarahana amin'ny fakany, rano 1 litatra. Ampangotrahana ilay rano 1 litatra, rehefa mangotraka dia arotsaka ilay Tsindaory 10 teo aloha, mandritry ny 2 ka hatramin'ny 3 min dia bataina.

Fomba fihinanana azy :
Zaza 6 volana ka hatramin'ny:
-1 taona: 1 sotro kely maraina -atoandro-hariva.
-2-3 taona : 2 sotro lehibe maraina-atoandro-hariva.
-4 - 5 taona : 3 sotro lehibe : maraina-atoandro- hariva.
-6 - 8 taona : 1/4 vera : maraina -atoandro-hariva.
-8 – 12 taona : 1/2 Véra , maraina -atoandro-hariva.
-13 no miakatra: 1 vera maraina -atoandro-hariva.
Mandritra ny 5 - 7 andro no fisotroana azy.
Ny singa hita ao anatiny : Mg, K, Ca, Fer, Cu sy ny maro samihafa…
Mampidina hafanana faran' izay haingana.
Mampiakatra ny hery fiarovana sy fanampitsakafo.
Mamono ny mikraoba sy ny bibin'aretina ao anaty.
Mampikoriana tsara ny rà ao amin'ny vatana.
Misoroka ny fahasemporana.
Manala mangotsoka, gripa , kohaka, àsma.
Mampikoriana ny rà any amin'ny atidoha ho an' ireo marary andoha lava, na tsy fahampian' ny oxygène ao amin'ny atidoha.
Manala poizina amin'ny vatana sy mangotsoka amin'ny vanin-taolana
Fanamarihana:
Ho an'ireo olona sempotra dia omena tsikelikely amin'ny fatra omena azy izy, ary indrindra miaro mba tsy ho tratry ny valan'aretina Covid-19, sns…
Tsy tonga amin'ny forme grave mihitsy ny fihinanana azy raha sanatria ka misy voan' ny corona.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Andohajango any amin'ny distrikan'i Mandritsara, faritra Sofia

Ny tanànan'Andohajango any amin'ny distrikan'i Mandritsara, faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Andohajango ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 22 mandrafitra ny distrikan'i Mandritsara. Any amin'ny faritra atsimo atsinanan'ny faritra Sofia no misy azy. Efa azo lazaina ho avo toerana izy satria 357 m ny haavony mihoatra amin'ny ranomasina. Vokatra any Andohajango ny vary sy haninkotrana isan-karazany. Mpiompy omby ihany koa ny mponina any amin'izany toerana izany.



Miss Maman Mada 2021

Reny miisa 7 no mifaninana

Iza no handrombaka ny fandresena amin 'ny fifaninana Miss Maman Mada 2021? Araho amin'ny page FB miss maman mada 2021:
N1 Pex Ravoniarisu
N2 Lalaina Ravahy
N3 Ermine Rakotonarivo
N4 Miantsa Nofy
N5 Ollie Ollie Ratsisetraina
N6 Laurakely Gasy
N7 Holy Sambatra Andriatsiresy
Ny fifaninanana na Concours Miss Maman Mada 2021 dia marque deposée INPI sy OMAPI. Santatra ambavarano izy ity, ka izay indrindra no nisaloran 'ny promotion ny anarana FANAMBY.
7 no mpandray anjara, mbola tsy misy sokajintaona, fa tafiditra ao daholo. Ny fitsarana dia vote public amin 'ny alalan 'ny j'aime ny 50%: ny sary, sy ny video milatro, présentation ary ny traikefa. Izay azo arahina ao anaty groupe Miss Maman Mada marque INPI. Ny 50% kosa dia ny jury no hitsara ny fifaninanana.
Ny antom-pisiany dia ho fahatsiarovana ireo reny sy ho fanomezana hasina azy. Be adidy sy andraikitra nefa zary adino matetika. Tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny fetin'ny Reny amin'ity taona ity koa izao hetsika izao.
Ny valin-kasasarana dia lelavola sy kojakoja avy amin 'ireo sponsor, izay mitombo miandalana mandrapahatapitry ny lalao.
Hifarana ny 26 mey ny vote public: faran'ny fanaovana j'aime? Ny 28 mey 2021 kosa ny vote ny jury. Ny 30 mey no hivoaka ofisialy ny vokatr'ity fifaninanana Miss Maman Mada 2021 ity.

Izy 7 mirahavavy mifaninana amin'ny Miss Maman Mada 2021.

Aly

Ady lova

« Huissier » voadaroka teo am-panaovana ny asany

Resaka ady lova, "huissier" na vaditany iray voadaroka teo am-panaovana ny asany. Ramatoa 60 taona ity vaditany niharan'ny famoretana sy vono teo am-panatanterahana ny asany ity, tetsy Soavinandriana Antananarivo Renivohitra, akaikin'ny HOMI. Nalain'ny fianakaviana iray mahakasika ny fizarana lova ny tenany. Nisy tamin'ireo 11 mianadahy mpandova anefa no tehibodo irery ny fananana, ka namono azy sy nanimba ireo taratasy teny an-tanany rehetra. Araka ny fitantaran'ilay Maitre vaditany: « noraisiny tsara aho, mandroso ianareo Maitre ary nampandrosoany tao amin'ny salon mihitsy, tampoka teo anefa dia nisy tovovavy niditra nilaza izy fa maika hivoaka ary nasaiko nanakisana ny fiaranay ilay Clerc. Niverina tampoko ilay vehivavy niaraka tamin'ny reniny isan'ny mpandova niaraka tamina olona hafa, ka namono ahy sy namotika ireo antontan-taratasy rehetra…» Noho izao daroka nahazo azy izao, history ireo nanao herisetra taminy ity Ramatoa vaditany ity. Tantara mitohyt arak'izany ity raharaha ity.

Niaina

NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

"Ka dia sahy manao hoe isika: Jehovah no Mpamonjy ahy, ka tsy hatahotra aho; Inona no azon'ny olona atao amiko?"

Hebreo 13:6

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Fandaharana manokana : mihodinkodina ny Praiministra mamaly fanontaniana

Germaine Rasoamiarana: hita hoe mihodinkodina ny Praiministra Ntsay Christian tamin'ny famaliana ireo fanontaniana tamin'ny fandaharana manokana ny alahady teo, dia vao mainka izy sahirana noho izany.

Tanora Mitraka : tsindrom-paingotra kely fotsiny ny ahy ity. Ekeko fa teknisianina ny Praiministra Ntsay Christian, kanefa raha ny hevitro manokana, tokony mahafehy ny teny malagasy tsara ny mpitondra fanjakana iray, indrindra rehefa hiresaka amin'ny vahoaka. Jereo ohatra ny any Frantsa, hitanao mihitsy hoe voafehin'ny Praiministra Jean Castex tsara ny teny frantsay rehefa miresaka amin'ny vahoaka, na dia teknisianina koa aza izy.

Paradisavalisoa Mireille : nahafehy teny malagasy tsara izy, fa tsy nanova izay mahazatra azy fa nataony fiteny avy any avaratra. Isika ihany koa tokony hahazo ny tenim-paritra rehetra, fa tsy ny malagasy ofisialy ihany. Ny hitako lesoka kely tamin'iny fotsiny, lasa nihodinkodina izy, ka lasa lava loatra ny resaka vao tonga teo amin'ny fepetra nandrasan'ny rehetra.

Antonio Gtlm : sao dia heverinao fa fitenim-paritra ary tsy teny Malagasy? Fiteny Malagasy daholo io!

Jean Paul Telolahy Randrianarison : teknisiana birao fa tsy publique ingahy ireny eh!...

Masolahy Boanahidy : iza milaza aminao ry Tanora Mitraka, fa tsy mahafehy teny Malagasy ny Praiminisitra, fa sao ianao no tokony hianatra teny Malagasy fa tsy izy.

Jerry Walterson Rakotojaona : mihankahana rehefa miresaka. Ela be vao mahatafavoaka izay tiany ho lazaina, nefa zavatra efa hita fa nomanina.

Chamsdine Andriamiadana : anao tokony mahafehy teninay avy aty Diégo, satria zehey koa Malagasy!

Rufin Rakotoarisolo : Chamsdine Andriamiadana : tsy aleo ve mianatra teny français, anglais, na sinoa, na Español. Aza tezitra amiko !

Himidy Olievenstein Carlo : agnao tegna mila mianatra volagna gasy, volagna gasy jiaby amin'ny Région io.

Rufin Rakotoarisolo : sady tsy voafehiny ny teny, no tsy voafehiny ny politique. Dia heverinao normal ve fa i AKBARALY no mamory personnalités hividy vaksiny!

Lova Rakotonirina : aleo tsy asiana mpanao gazety intsony dia vakiana @ manaraka, fa lasa manalava fotoana fotsiny!

Andrï Tah Îna : tokony hataony fitenim-paritra baka Antakarana any raha io, fa tsy ataony teny ofisialy misy accent anglisy io !

Dresseur Educateur Canin GlobalcaninMada : mazava tsara reny, fa amin'ny manaraka enao indray no milaza de henonay tsara le tena malagasy tianao lazaina e!

Cs-anr Diego : mahafehy teny aty Diego izy aloha.

Rufin Rakotoarisolo : aza mivaky loha amin'izany. Rehefa Lalatiana no mikabary, MAHAZO DAHOLO GASIKARA.

Dauphin Rabeson : mahazo daholo Madagasikara raha i Lalatiana, fa i Lalatiana mihitsy no efa tsy tian'ny maro hiakatra plateau intsony, miteniteny fahatany foana.

Colombe Lamire Martin : marina ny teninao, sasany kanefa miantefa aminay metisy koa ny resaka sasany ary surtout ireo vahiny monina eto ampiasa vola, izay namany, toy ny mpandraharaha vanille. Misy koa fiteny tsy mety azonay satria aty antrano no mijery ny fandaharana, tsy voatery ho eo ny mpandika teny. Fomba fiady daholo hisintonana olona hanatrika ireny. Fomba fijeriko irery koa io.

Roland Dominique Rakotoniaina : io PM io mahay teny Malagasy tsara, fa te ho vazaha, sady mety misary lefaka. Jimalagasy Jimalagasy : arodaniko ny teniko, fa ny an'ny hafa no voafehiko!

Clément Rakotoarinivo: samy fiteny Malagasy avokoa na avy avaratra, na avy atsimo, na avy atsinanana, na avy andrefana, fa ny problem ny Praiministra Ntsay Christian ny alahady teo iny, mihodinkodina loatra izy mamaly ireo fanontaniana, mety tsy tena voafehiny loatra koa ilay sujet amin'ny ankapobeny.

Bruno Raberaoka: hita ho toa matahotra koa i Praiministra nandritra ny fandaharana, tsapa fa tsy voafehiny ilay zavatra resahany dia mahatonga azy ho sahirana fa raha ny fiteny Malagasy hainy izany, io fiteny Malagasy daholo na avy aiza na avy aiza eto amin'ny Nosy.

JUDO AFRIKANA

Ho tontosaina anio ny fifidinana ho filoha vaovao

Ho tontosaina anio talata 18 mey 2021 any Sénégal, ao anatin'ny AGE hataony, mialohan'ny hantanterahana ny fiadiana ny ho tompondakan'i Afrika eo amin'ny taranja Judo, ny fifidianana an'izay ho filoha vaovao hitantanana ny UAJ (Union Africaine de Judo), ka anisan'ny mpifaninana ho fidiana amin'izany Andriamatoa Randrianasoloniaiko Siteny Thierry filohan'ny federasiônan'ny Judo Malagasy. Marihana fa eo amin'io fiadiana ny ho tompondakan'ny Judo ho tontosaina hanomboka amin'ny alakamisy 20 mey, ka hatramin'ny alahady 23 mey 2021 2021 ho avy izao dia miisa 4 mianadahy ireo solontena Malagasy hiatrika an'izany fifaninanana izany : -Mireille Andriamifehy - 52kg -Narindra Rakotovao -57kg -Aina Laura Rasoanaivo Razafy-63k - Damiella Nomenjanahary-63Kg -Fetra Ratsimiziva - 81Kg Randriamasinoro Mamy Herilalaina no mpanazatra miaraka amin'izy ireo ary Ramatoa Domoinanirina Vololoniaina, no mitarika ny delegasionina lasa any Sénégal. Marihina fa rehefa vita ny fifaninanana ao Sénégal dia hitodidoha any Hongrie i Fetra, Laura ary Damiella, handray anjara amin'ny fiadiana ny tompon-daka maneran-tany hatao any Budapest ny 6 ka hatramin'ny 13 jona 2021 ho avy izao.

Rainilita

Randrianasoloniaiko Siteny Thierry filohan'ny FMJ.

Baolina kitra Analamanga sokajy D-1

Lasan'ny CFFA Andoharanofotsy ny amboara 2021

Lasan'ny CFFA Andoharanofotsy ny amboara maha tompondaka sokajy D-1 Analamanga taom-pilalaovana 2021. Tontosa tamin'ny alakamisy lasa teo teny amin'ny kianja Elgeco Plus stadium By Pass, ny lalao famaranana tamin'ity fifaninana baolina kitra eto amin'ny ligin'Analamanga ity, ka tafavoaka ho mpandresy tamin'izany ary voahosotra ho tompondakan' Analamanga amin'io sokaky io ny ekipan'ny CFFA « Centre de Formation Football Andoharanofotsy », izay nandresy ny ekipan'ny Cospn tamin'ny isa 3-2, taorian'ny fanalavam-potoana, rehefa nisaraka ady sahala 2-2 ny roa tonta, nandritra ny fe-potoana ara-dalàna. Any amin'ny fiadiana ny ho tompondaka nasiônalin'ny baolina kitra sokajy D-2 indray no mety hifampitana ireto ekipa solontenan'Analamanga ireto.

Rainilita

Ny kapitenin'ny CFFA nandray amboara teny amin'ny By Pass.

Playoffs Orange Pro League 2020-2021

Andro faha-2 anio talata 18 mey 2021

Andro faharoa eo amin'ny Playoffs lalao mandroso amin'ny Orange fifaninanana Orange Pro League 2020/2021, tontosaina etsy amin'ny kianja Elgeco Plus Stadium By Pass Ambohijanaka anio talata 18 mey 2021, ka hifanandrina amin'izany hanomboka amin'ny 12 ora atoandro andaniny ny Ajesaia Bongolava, sy ny Cosfa Analamanga ary ankilany amin'ny 2 ora sy sasany tolakandro kosa ny Five Fc Analamanga sy ny As Adema Analamanga. Marihana fa tamin'ny zoma 14 mey 2021 lasa teo no nanatanterahana ny andro voalohany tamin'ity Playoffs ity, ka nahazoana ny vokatra : izay notanterahina tamin'ny zoma 14 mey 2021 lasa teo nahazoana ny vokatra : -Ajesaia - Five Fc (1 – 0) -Cosfa - As Adema (2 – 1). Filaharana vonjimaika ankapobeny ankehitriny : 1°-Cosfa Analamanga 2°-Ajesaia Bongolava 3°-As Adema Analamanga 4°-Five Fc Analamanga.

Rainilita

Playoffs 2020-2021.

FORUM FOR AFRICAN WOMEN EDUCATIONALISTS

Mpampianatra 3 hisolotena an'i Madagasikara any Nairobi

Tsy mahasakana ny asa efa natao nandritra ny 15 taona ny fisian'ny covid-19, asa izay sahanin'ny Forum for African Women Educationalists, izay atsy Nairobi Kenya ny foibeny, sady manana rahateo sampana eto Madagasikara, sy miaramiasa ihany koa amin'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena. Misongadina ny fanabeazana ny ankizy vavy mba hahatoky tena, eo koa ny famporisihana azy ireo ho tia ny taranja toy ny Matematika, tsy atao ambaninjavatra koa anefa ny fampihenana ny fitsoahana andaharana an-tsekoly eo amin'ny ankizy vavy ihany. Fantatra fa misy ny fifaninanana nampanaovina ny mpampianatra, ka hamaliana ny fanontaniana manao hoe : "Tantarao ny tetik'asa nataonao nandritra ny fiatrehana ny covid-19". Fantatra fa 20 no voasivana tany amboalohany tamin'ireo mpampianatra nandray anjara, lasa ho 6 izany rehefa natao ny sivana manaraka ary 3 sisa taorian'ny sivana farany, ka ireo 3 ireo no hisolotena an'i Madagasikara mandritra ny famaranana lehibe hotontosaina any Nairobi Kenya. Firenena 5 no hiatrika izany ahitana an'i Gabon, Madagasikara, Senegal, Burkina Faso ary Tchad. Hahazo fiofanana any Frantsa izay hibata ny amboara.

Nairobi renivohitr'i Kenya, ho ambohipihaonan'ny mpanabe vehivavy ato ho ato.

Bema

Finoana

Nalahelo ny mpino tany Fort-Dauphin fa tsy afa-nivavaka

Nalahelo ny mpino tany Fort-Dauphin faritra Anôsy ny alahady teo, satria tsy naveln'ny mpitandro filaminana tany an-toerana niditra tao am-piangonana. Alahelo ny an'ireo mpino FJKM tany amin'ny renivohitry ny faritra Anôsy, fa tsy navelan'ny tompon'andraikitra tany an-toerana hanaovana fotoampivavahana ny fiangonana FJKM salema Vaovao, sy ny FJKM Betlehema Ampamakiambato, na dia vonona hanaja ny fepetra ara-pahasalamana rehetra aza ireto farany. Ny mahagaga hoy ny fitarainana voaray avy any an-toerana ny tsena, sns... tsy vitan'ny mpitandro filaminana ny manaramaso azy hanaraka ny fepetra, nefa ny fiangonana hakana fampaherezana hidiana. Tokony hisy hoy ireo mpino ny mizàna tsindrian'ila amin'ny fanapahan-kevitra raisin'ny fitondrana.

Ny fanakanana ireo mpino tsy hivavaka nataon'ny mpitandro filaminana tany Taolagnaro.

Niaina

Làlana sy sisin-dàlana nolavahana

Mila haverina amin'ny laoniny

Misy asa tanterahin'ny orinasa Jirama amin'ireo làlana amin'ny toerana sy tanàna samihafa amin' izao fotoana izao. Ahitana izany, ohatra, iny làlana miakatra ny vohitr'Itaosy sy Ambohidrapeto iny. Niaraha-nahita ny fahavitan'ny làlana miainga eo amin'ny tetezan'Ampasika tonga hatrany amin' ny Cité Itaosy, izay nataon'ny orinasa sinoa efa vita am-bolana maro, na aman-taonany mihitsy aza izao. Ankehitriny anefa, ny asa ataon'ny Jirama izay mikasa hametraka fantsona lehibe maro, dia miroso amin'ny fandavahana ireo sisin' arabe eny an-toerana hahafahana manatanteraka izany. Ny asa atao tsy maninona, fa mety ilain'ny vahoaka ny hahavitan' izany amin'ny famatsiandrano ho azy, ohatra. Fa ny mampieritreritra ny maro dia ny amin'ny fiverenan'ireny sisin-dalana nolavahana ireny amin'ny laoniny. Azo lazaina ho vita tsara sy mafy ihany ny nanamboarana azy ireny talohan'izao, na dia teo aza ny fahataran'ny fahavitan'ny asa tamin' izany fotoana izany. Nampisy endrika ihany koa ny tanàna izany. Ho vitan'ny Jirama ve ny famerenana amin'ny laoniny izany, ary ho vitany tsaratsara kokoa noho ny teo aloha ve? Izay no andrasan'ny mponina.

Raha ny fahitana ny asa ataon'ny Jirama eny amin'ireny arabe na sisindalana ireny nandritry ny taona maro, amin'ny ankapobeny, dia indraindray tsy nahafapo ny mponina mpandoa hetra sy ny mpampiasa lalana. Hita soritra miavaka mandrakariva ny fanamboarana nataony, na dia misy aza ny ezaka famerenana azy amin'ny fandrakofana tara na simenitra.

Ny tsy aritra kely ihany koa dia manohintohina ny fifamoivoizana ny asa ataony toy izao. Niseho izany tamin'ny fitohanana sy ny fihisaran'ny fifamoivoizana teny amin'ny miakatra an'Ambonisoa mihazo an'Anosimasina sy Ampasika iny omaly. Misy fiantraikany any amin'ny fihariana sy ny asa amandraharaham-bahoaka anefa izany toe-javatra izany.

Tokony hiverina ho toy izao ihany ny lalana lavahan'ny Jirama eny amin'iny faritra Itaosy iny.

Radafy

Resaka vakoka sy tantara

Tsy ampy ny fampivoarana ny Mozea eto Madagasikara

Firenena manana ny maha izy azy ity Nosintsika ity raha eo amin'ny lafiny ara-tantara sy vakoka. Anisany fitehirizana sy fikolokoloana io tantarany sy ny vakoka io ny Mozea. Na eo aza ny eny Anatirova, izay manahirana be ihany ny mieritreritra azy ankehitriny, noho ny fihetsiky ny fitondrana nikitika, mba tsy ilazana hoe nanosihosy, ny maha izy azy marina madio mangarahara vao tsy ela izay, dia eo ihany koa ireo toeran-kafa maro eto Antananarivo sy ny manodidina na any amin'ny faritra samihafa manerana ny Nosy. Anisan'ny maneho sy mitana ny tantara nisy teto amin'ny firenena ireny Trano na Mozea maro samihafa ireny.

Fitehirizana ny vakoka na ny zavatra maro isan-karazany nampiasaina fahiny tamin'ny toerana na faritra iray ireny Mozea ireny. Mazava loatra, fa tsy tokony hisy velively raketina na tehirizina ao anatiny avy any ivelany manampy ireo an'ny fahagola ao. Tsy tranombakoka intsony izy amin'izay fotoana izay, fa efa mifangaro tsy madio intsony. Hamitaka tanteraka ny taranaka fara aman-dimby ihany koa tsy hahalala ny tantara marina ny fanaovana izany, ary fanetriben'ny firenena ny olona sahy minia manao izany.

Ankoatra ny amin'ny fiarovana ireny Mozea ireny, izay tena tokony ho laharam-pahamehana ny amin'izany, dia anisan'ny iray lehibe ihany koa amin'ny ezaka tokony hotanterahina ny fampivoarana sy fampiroboroana azy. Tsy hita misongadina anefa izany eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Porofon'izany, tsy maro amin'ny Malagasy no mazoto sy tena tia mitsidika ireny toerana ireny. Tsy amin'ny fanaovana Colisée akory no hamparisika azy amin'izany. Hadisoan-kevitra mihitsy izany, ary vao mainka aza hampihemotra azy hankeny amin'ireny toerana ireny amin'ny finiavany te hahalala ny tantaran'ny firenena, satria misy ny toeran-kafa azo haleha ihany koa.

Ny tsikaritra koa hatreto, dia tsy misy mihitsy ny fanohanana sy fiaraha-miasa amin'ireo olom-pirenena manana vakoka mendrika ho fantatry ny mpiray tanindrazana. Misy olona toy izany eto ary hita ho miasa irery izy ireny, noho ny fitiavany manokana vakoka mampahafantatra ny vakoka ny eo am-pelatanany. Misy aza manafina ny any aminy mihitsy noho ny tsy fahazoana antoka amin'ny fiarovana azy. Izay no ilazana mazava fa tsy misy na tsy ampy mihitsy ny fampivoarana ny Mozea, sy ny tranom-bakoka eto amin'ny firenena. Isan'ny iray mbola ilazana ihany koa ny lesoka na ny tsy fahaiza-mitantan'izao fitondrana ankehitriny izao izany.

Aris

Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin`ny gazety Ny Valosoa izao manaraka izao, mba ho fantatry ny vahoaka, indrindra ny mpitondra. Manan-janaka mianatra amin`ny sekoly tsy miankina sy sekolim-panjakana izahay. Efa tafahoatra loatra ny fakana vola ataon`ny fanjakana sy ny olom-panjakana, nefa izahay efa tena sahirana fa very asa amin`izao. Lazaina fa tsy andoavam-bola ny fampidirana amin`ny fanjakana araka ny voalazan`ny filoha sy ny minisitra, kinanjo nony lasa ny telo volana dia nakana 3 na 4 alina isan`ankizy izahay. Lazaina fa tsy andoavam-bola ny fiatrehana fanadinam-panjakana, kinanjo dia nitaky vola ihany ny CEG hanaovan`ny zanakay fanadinana BEPC, ka nandoa 3 arivo ariary. Nanao visite ny zanakay hanao Bac dia takian`ny mpiasam-panjakana CSB2: 500 ariary tsirairay, nefa tena asany izany. Re fa hanao examen blanc CEPE sy BEPC ato ho ato ny CISCO dia tsy maintsy haka 2000 ariary isan`ankizy, na dia mahay kajy aza ny rehetra, fa raha taranja fito, ka 100 ariary ny photocopie dia tokony ho 700 ariary. Tsy maintsy maka tombony foana ve ianareo mpiasam-panjakana ? nefa ianareo anie mandray vola feno hatrany isambolana, na eo aza ny valanaretina e! Tena tsy mahalala voky ve ianareo ary iza anefa ireo hakanareo vola isan`andro, fa tsy ny madinika hatrany ? Dia mangina koa ianareo mpitondra fanjakana, minisitra, ao amin`ny CISCO manoloana izany fa tsy miteny mihitsy ? Tena firaisana tsikombakomba amin`ny ratsy anie izany e !

Rakotonaivo
Ray aman-drenin'ny mpianatra
Isotry, Antananarivo

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 15/05/2021 hatramin'ny 22/05/2021

- **MIRARISOA** (Ambodimita) 034 06 707 13
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50
- **IARIVO** (Analakely en face IHS) 020 22 224 26
- **VOLAHANTA** (Anosibe près rond point vers Soaniérana) 020 22 355 09
- **67HA** (En face FLM) 020 22 253 61
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51
- **HERIZO** (Antanimena en face ECAR) 020 22 697 22
- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17
- **TSARA** (Andavamamba Route pavée) 020 22 347 12
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64
- **H** (Andrefan'Ambohijanahary) 034 14 011 65
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 020 22 620 02
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32/ 034 70 684 04
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 034 20 665 22
- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165) 034 10 937 11
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/034 78 200 15

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1163-05-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

SIDINA AVY ANY IVELANY

Tokony ho saziana izay mbola namoaka fahazoan-dalana hoy ny SMMV

Manao antso avo ho an'ny filoham-pirenena ny Smmv (Sendikan'ny mpiasan'ny Ministeran'ny Vola), mba handray fepetra hentitra ho an'ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny manome fanomezan-dalana an'ireo sidina miditra eto Madagasikara, toy ny tamin'ny sidina Zs-Ofd avy any Afrika Atsimo, izay nigadona tao Antsiranana ny 07 mey 2021 lasa teo. Nanohy fanazavana Andriamatoa Andrianavalona Herizo mpitondra tenin'ny Smmv, fa tsy mitsahatra mivezivezy eto Madagasikara ireo sidina avy any ivelany, na dia efa nisy ny Notam numero A 08/02/21, izay navoakan'ny filankevitry ny Minisitra ny 21 aprily 2021 lasa teo ary mbola nohamafisin'ny tenin'ny Filoham-pirenena ny 02 mey 2021 lasa teo. Nanohy fanazavana ny mpitondra tenin'ny Smmv, fa tokony hampiharina ny lalàna sy ireo hevitra tapaka nandritra ny filankevitry ny Minisitra ary mitaky ny hanafainganana ny fanavaozana ny sata ankapobeny ho an'ny mpiasam-panajakana ao anatin'izao fivoriana ara-potoana voalohany ataon'ny Antenimierampirenena izao ny Smmv. Ankoatra izany dia nilaza Andriamatoa Andrianavalona Herizo, fa mbola misy mpiasam-panjakana izay ao anatin'ny sokajy marefo, no mbola terena miasa amin'izao fotoana izao ary efa maro ireny mpiasa ireny no efa nodimandry vokatry ny aretina "Coronavirus", noho izany, mitaky ny fampitsaharana amin'ny asany an'ireny mpiara-miasa ireny ny Smmv ary manainga ny fitondram-panjakana, mba hametraka "Remplacement numérique" ho an' ireo mpiasam-panjakana matin'ny valanaretina. Mangataka fihaonana amin'ny Filoham-pirenena ny Smmv ho valin'ny fangatahana izay efa napetraka ny volana aogositra 2019, sy ny volana Janoary 2021 lasa teo, mba hijerena sy hamahana ny olan'ny sendika.

Ireo avy amin'ny SMMV.

Franck Razakambelo

Fihibohana

Manimba fiarahamonina sy fanaovana tsinontsinona fivavahana

Araka ny vaovao voaray sy ny taraina tonga eto amin'ny gazety, maro ireo tsy mankato ity fihibohana ampiharina eto amintsika amin'izao fotoana izao ity, satria sady manimba ny fiarahamonina hoy izy ireo, no fanaovana tsinontsinona ny fivavahana ihany koa. Efa tamin'ny taon-dasa iny no hita porofo, fa manimba zavatra maro sy nahatsapana, fa mbola tsy zakan'ny faripiainantsika io fihibohana io, ka tokony ho jerena maika eo anatrehan'ny fiaraha-monina. Nihena ny vola miditra, na izay raisina isam-bolana aza, variana amin'ny resa-pitiavana ny tanora tokony hianatra, naato amin'ny asany ny ankamaroan'ny mpiasa, lasa tsizarizary ny fanadinam-panjakana, lasa tojo amin'ny laza adina samihafa voatsinjara isam-paritany koa aza. Eo amin'ny fihibohana isaky ny faran'ny herinandro moa dia mazava izao, fa ny mpivavaka rehetra no voasakantsakana, mibahana ny saina sy ny finoana avy hatrany ny 50 isa raha be indrindra, nefa ny fiangonana be velarana ihany. Ny olona marary any an-trano ihany koa lasa tsy voavonjy na dia tokony hamonjy hôpitaly sy toeram-pitsaboana aza, satria sady tsy ampy vola no misalasala ara-potoana nefa tsy mahazo antoka izay fiara hitondra. Miahiahy amin'ny zavatra maro toy ny hoe: ohatrinona ny vola hivoaka sa maimaimpoana ny hitranga eo.

Eto am-pamaranana dia tiana ny manamafy, fa ny resaka vaksiny, izay tsy ankasitrahan'ny filoha loatra dia efa mampametra-panontaniana ny maro manao hoe: "Fa izay tiany irery ihany ve no tena ho tanterahana eto sa MBA misy hevi-bahoaka azo raisina ihany koa ?". Toy ny hoe : maninona raha atao malalaka ny fampidirana vaksiny eto, dia izay fikambanana na orinasa mpanafatra no tompon'antoka tanteraka mikarakara izany, mba hiadiana amin'ireo gaboraraka sy kitoatoa manara-penitra ataon'ny fanjakana.

Beharo

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 349



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0348)

Mitsivalana

- Mitolona
- Anamamy
- Nila – Ela
- Elo
- Ainy – Ana
- Lot(o) – Rojo
- Ivato (miv) – AS

Mitsangana

- Mandalo
- Iny – Toy (miv)
- Talenta
- Omaly
- La – Ry
- Ome – Ao
- Nilanja
- Soa (miv)

TENY MIFANARAKA N° 349



Mitsivalana

1. Ilay boka mitaingin-tseza **2.** Avotanao **3.** Mivezivezy **4.** Voankazo – Reny (miv) **5.** Hazo maro (BR) – Rahalahin'i Kaina **6.** Mpanjaka (miv) **7.** Ao amin'ny Baiboly (miv) – Fomba fitafy any amorontsiraka **8.** Faran-teny – Naneso, nanaratsy (miv) **9.** Dadany – Mitempo **10.** Tovona (miv) – Tapahina amin'ny antsy (miv)

Mitsangana

A. Mampisondrotra **B.** Aro moka (miv) – Betsaka (miv) **D.** Fanampin'Anarana – Ahy sy azy **E.** Olo-masina (miv) – Faranteny **F.** Taova – Nikarama (miv) **G.** Tamy – Aretina (miv) **H.** Kilalaon-jazavavikely **I.** Tany nihaviany (miv) **J.** Mando (miv) – Ao amin'ny vava **K.** Tanàna ao Avaratra Andrefana – Kapoka (miv)

Valiny Teny mifanaraka 0348

Mitsivalana

1. Solitany **2.** Alamo - SA **3.** Lohateny **4.** Any - Oviala **5.** Mamoha - AK **6.** Ako - Kaky **7.** (M)itanjaka **8.** Bao - To **9.** Tratrarina **10.** Mi - Mitolon(a)

Mitsangana

A Salama - BTM **B.** Olana - Iray (miv) **D.** Lahimatoa **E.** Amy (miv) - (M)oka - TM **F.** Totohondry **G.** Eva - AT **H.** Neny - Katro **I.** IA - Lioka (miv) **J.** Laka - No **K.** Malaky - Man

MPITANDRINA MARO ERAN'I MADAGASIKARA

Aoka hosokafana ny fiangonan'Andriamanitra

Nangonin'i Helisoa

Mpitandrina maro manerana ny Nosy, no nanao fanambarana ny faran'ny herinandro, mahakasika ny tokony ho fanokafana ny fiangonan'Andriamanitra rehetra tsy ankanavaka:

Izahay, Mpitondra fivavahana, izay manao sonia etsy ambany, dia manao izao hafatra Pastoraly izao ho an'ny Mpitondra eto amin'ny firenena:

Jesoa Kristy no Tompon'ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany (Matio 28,18). Izy no Lohan'ny Fiangonana, ka ny finoana Azy irery ihany no mampiorina ny Fiangonana ho vatolampin'ny Finoana eto amin'ny firenentsika. Fa voasoratra hoe : « Ary Izaho milaza aminao koa: Ianao no Petera, ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsy-hita tsy haharesy azy» (Matio 16,18).

Noho izany dia manainga ny Mpitondra eto amin'ny firenena, mba hanokatra ny FIANGONAN'ANDRIAMANITRA, noho ireto antony ireto :

« Lazao amin'izay reraka am-po: Mahereza, aza matahotra, indro, Andriamanitrareo ho avy mitondra famaliana, dia ny famalian'Andriamanitra, eny, Izy tokoa no ho avy ka hamonjy anareo» (Isaia 35,4).

Tsy latsa-danja amin'ny Toeram-pitsaboana sy ny Sekoly ny Fiangonana, ary tsy azo ampilaharina velively amin'ireo toeram-pitadiavana izay hahasoa ny nofo na fitadiavam-bola samihafa fotsiny, satria tena manasitrana amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra ny Fiangonana ary tena fiarovana ho an'ny salama sy fanasitranana ny marary izany. Izany indrindra no ilàna ny fanatrehana ara-batana sy saina toy izay efa nataon'i Kristy, Ilay Teny tonga Nofo. Koa tsy vahaolana ny fanompoam-pivavahana na Toriteny ampitain-davitra, fa mainka mitarika ny olona hiraviravy tànana sy hitsitokotoko samy haka ho azy izany. Ankoatran'izany, tsy voatery hanana fitaovana na vola na fahana na tambazotra tsara ho enti-mandray izany avokoa ny olona izay efa sahirana rahateo.

« Koa ny finoana dia avy amin'ny tori-teny, ary ny tori-teny kosa avy amin'ny tenin'i Kristy » (Romana 10,17).

Ny fanakatonana Fiangonana dia fampangatsiahana ny hafanam-pon'ny mino sady fampihemorana ny finoany, satria ny fifanatrehan-tava, tsy misy elanelantany na elanelan-trano eo amin'ny mpitory sy ny itorina, dia efa fanaon'ny Fiangonana hatramin'ny voalohany ary tohizany sy lalainy, mandra-pihavin'ny Tompo. Amin'izany, ny Toriteny sy ny Fizarana ny Sakramenta amin'ny Vahoakan'Andriamanitra, dia adidin'ny Fiangonana, mba hiainan'ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny finoana manoloana izao valanaretina izao. Ny finoana dia mahafindra tendrombohitra rehefa tena iainana (vakio Mat.17,20).

« Sitrano ny marary, atsangano ny maty, diovy ny boka, avoahy ny demonia; efa nahazo maimaimpoana ianareo, koa manomeza maimaimpoana » (Matio 10:8).

Ny Fiangonana dia tsy mpanaparitaka aretina toy izay ahiahian'ny olona sasany, fa tena "mpampianatra, mpitaiza ary mpanabe ny vahoaka hanaja ny fitandremana rehetra tokony hatao, ary nanatanteraka izany tamin'ny fitiavana sy ny fatahorana an'Andriamanitra, fa tsy tahotra manampahefana na zavatra hafa. Ny fisokafan'ny Fiangonana dia tena fanampiana ny mpitondra amin'ny fanentanana sy ny fitaizana ny vahoaka hiaramisalahy amin'ny fandresena izao aretina izao satria : etsy ankilany dia mampahery ny olona ara-tsaina sy ara-panahy ny Tenin'Andriamanitra mba hiatrika ampitoniana izao zava-tsarotra izao; etsy andaniny, mampianatra sy mitaiza ny olona amin'ny fampiharana ny fiarovam-pahasalamana ny Fiangonana amin'ny alalan'ireo olony manam-pahaizana sy traikefa momba izany.

« Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany » (Asan'ny Apostoly 1,8).

Antomotra ny PENTEKOSTA, andro lehibe ho an'ny Fiangonana Kristiana rehetra manerana izao tontolo izao, koa ny famelana ny fiangonana hikatona ao anatin'izany fety Kristianina manazava ny antom-pisian'ny Fiangonana sy ny fijoroany izany dia toy ny mamafa ny fahaizin'ny Fiangonan'Andriamanitra, sy Izy tenany mihitsy. Avelao hiasa eto amin'ny firenentsika ny Fanahy Masina izay Mpampijoro ny olona ho olo-mahery amin'ny teny sy ny asa, koa SOKAFY NY FIANGONANA hijoroan'ny mino ho vavolombelon'ny finoany sy hahazoany miasa am-pahasahiana manoloana izao aretin-doza mandringana izao; hananantsika olo-mahery hiady amin'ny aretina, fa tsy olona marefo ka resin-tahotra sy manjary milavo lefona manoloana ny fandrahonan'ny fahafatesana, ka toa miandry izay higadonan'izany fotsiny, sanatria !

Tombon-dahiny ho an'ny Firenena ny fananana Fiangonana mbola mijoro, sy mandray anjara mavitrika ary mirotsaka an-tsehatra mivantana eto amin'ity nosy mamintsika ity.

Koa mampahery anareo izay navelan'Andriamanitra hanana fahefana eto amin'ny firenena, mba hanana fahasahiana hanokatra indray ny Fiangonana, mba hananana vahoaka ampy hery ho enti-miatrika izao zava-tsarotra izao.

Izahay Mpitondra Fivavahana dia vonona hatrany hifanome tànana amin'ny fitaizana sy ny asa fanohanana ara-panahy sy ara-tsaina ny olona rehetra tsy misy ankanavaka, satria asanay, eny, fiainanay rahateo izany, ***« Fa tsy nomen'Andriamanitra fanahy osa isika, fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononantena » (2 Timoty 1,7).***

Anterinay eto am-pamaranana àry, fa : ***« … Indro, ny tànan'i Jehovah tsy fohy, fa mahavonjy, ary ny sofiny tsy lalodalovana, fa mahare; fa ny helokareo no efitra mampisaraka anareo amin'Andriamanitrareo, ary ny fahotanareo no mampiafina ny tavany aminareo, ka dia tsy mihaino Izy » (Isaia 59,2).***

Manamafy sady mampahatsiahy koa izahay Mpitondra fivavahana, fa mitondra amim-bavaka anareo Mpitondra sy ny firenena manontolo, mba ho resy ny asan'ny maizina mitady handrakotra ny firenena, ary hiposaka ny mazava, araka ny voasoratra hoe:

« Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitr'i Jehovah efa miposaka aminao » (Isaia 60, 1).

Antananarivo, faha 11 mey 2021.

Amin'ny Anaran'ireo Mpitondra fivavahana rehetra nanao Sonia an'ity hafatra Pastoraly ity. Indro apetraka eto ambany ny ANARANA sy FANAMPINY (ny Sonia dia tsy hay vakiana)izay ahitana Mpitandrina saika manerana an'i Madagasikara :

- RAZARASOA Sylasy Fitahiana, Mpitandrina
- RAVONINJATOVO Andriatahina Roger, Mpitandrina
- RANDIMBISON Suzette, Mpitandrina
- RAKOTONIERA Eric, Mpitandrina
- ANDRIAMAMPIELY Hebiniaina Iriantsoa, Mpitandrina
- ANDRIAMIHAJA Albert, Mpitandrina
- ANDRIANANDRIANINA Harisoa, Mpitandrina
- ANDRIANINA Lova, Mpitandrina
- ANDRIANTSITOHAINA Ranto, Mpitandrina
- HANITRINIONY Fanjanirina, Mpitandrina
- HARINIAINA Sarah, Mpitandrina
- JOSOA Emmanuel Benjamin, Mpitandrina
- KALO Bernadette, Mpitandrina
- RABENARIVELO Heritahiana, Mpitandrina
- RAFAMANTANANTSOA Roger Luc, Mpitandrina
- RAFANONERANTSOA Meltine, Mpitandrina
- RAFIANINANA Arojaona, Mpitandrina
- RAKOTO Hervé, Mpitandrina
- RAKOTOARISOA Raymond, Mpitandrina
- RAKOTOARIVOLA Daniel, Mpitandrina
- RAKOTOARIVONY Darol, Mpitandrina
- RAKOTOMAVO Lovasoa, Mpitandrina
- RAKOTOMAVO Minoarivony, Mpitandrina
- RAKOTONDRASOA Harijaona Andriatsarafara, Mpitandrina
- RAMAMONJISOA Harindranto, Mpitandrina
- RAMBONINIARIVO Tantely Gaston, Mpitandrina
- RAMIANDRISOA Hery Finoana, Mpitandrina
- RANAIVO ANDRIAMALALA Satamamonjy, Mpitandrina
- RANAIVO Lova, Mpitandrina
- RANAIVOSON Benja Hiarantsoa, Mpitandrina
- RANARIVAHOAKA Noroseheno Mirantsoa, Mpitandrina
- RANARIVELO Nehemia Ny Onja Rakoto, Mpitandrina
- RANDRIA Lanto, Mpitandrina
- RANDRIAMBOAVONJY Mamitiana, Mpitandrina
- RANDRIAMISATA Roger, Mpitandrina
- RANDRIANAIVOARIVELO Rado Bera, Mpitandrina
- RANDRIANANTENAINA Hajamanana, Mpitandrina
- RANDRIANARIDAORO Vero Hanitriniaina, Mpitandrina
- RANDRIANOELIARIJAONA Jean Riva, Mpitandrina
- RANDRIARIMANANA Santa, Mpitandrina
- RASOARIMANANA Mamitiana, Mpitandrina RR
- RASOLOFONIAINA Ekenjakamahery Sandratana, Mpitandrina
- RASOLOMAMPIONONA Céléstine, Mpitandrina
- RASOLOMANANA Jafetra, Mpitandrina
- RATSIMIZARA Germain Jacques, Mpitandrina
- RAVONIARIMANANA Marie Justine, Mpitandrina
- RAZAFIARIMALALA Mamy Herberthe, Mpitandrina
- RAZAFINARIVO Fidison Maxime, Mpitandrina
- RAZAFINDRAVERO Lovasoa, Mpitandrina
- TOVONIAINA Tiana, Mpitandrina
- VONIARIMANANA Aina, Mpitandrina
- ZOARISY Tila, Mpitandrina
- RAKOTOARISOA Malalatiana Olivier , Mpitandrina
- RAKOTO Andrianasolo Fety, Mpitandrina
- RATSIRESIMAMPIONONA Razanadrakoto Dida, Mpitandrina
- BENANTENAINA Evrat Clariot, Mpitandrina
- ANDRIAHARITSIMBA Herinantenaina, Mpitandrina
- RAFANOMEZANTSOA Dés Donné , Mpitandrina
- RAZAFIHARISON Mamison, Mpitandrina
- ANDRIATSIMBARISON Ulrich Gildas, Mpitandrina
- BENARILALA Miora, Mpitandrina
- ANDRISOA Luc Elysé, Mpitandrina
- RAVELONARIVO Hanintriniaina Hugues Jossin, Mpitandrina
- RANDRIANJANAHARY Andrinirina, Mpitandrina
- ANDRIATSARATAFIKA Raobiarizafy, Mpitandrina
- ANDRIANANTENAINA F. José, Mpitandrina
- ZOHASIMANGA , Mpitandrina

Valanaretina covid-19

8 no namoy ny ainy, 63 tranga vaovao, 268 tranga misy fahasarotana

Tarehi-marika nivoaka farany momba ny valanaretina covid-19 teto Madagasikara afak'omaly 16 mey 2021: 8 no namoy ny ainy, 63 tranga vaovao, 268 ireo tranga misy fahasarotany. 63 tranga vaovao hita tamin'ireo 302 nanaovana fitiliana ny 16 mey 2021 : 29 Analamanga, 1 Alaotra Mangoro, 4 Matsiatra Ambony, 3 Sava, 2 Atsimo Andrefana, 9 Vatovavy Fitovinany, 9 Menabe, 1 Analanjirofo, 1 Anosy, 2 Betsiboka, 2 Atsimo Atsinanana.

122 sitrana : 64 Analamanga, 4 Diana, 1 Matsiatra Ambony, 3 Sava, 37 Atsimo Andrefana, 2 Analanjirofo, 2 Anosy, 1 Ihorombe, 4 Atsimo Atsinanana, 4 Sofia.

8 maty ny 16 mey : 4 Analamanga, 1 Alaotra Mangoro, 1 Matsiatra Ambony, 1 Atsimo Andrefana, 1 Anôsy. Tafakatra 771 ny olona namoy ny ainy noho ny aretina Covid-19 hatramin'izay nidirany teto Madagasikara tamin'ny 23 martsa 2021.

1482 ireo olona mbola manaraka fitsaboana ankehitriny, 268 amin'ireo no tranga misy fahasarotana.

Stefa